# ALAHADY 2 Fiavian'ny TOMPO - TAONA A 2025

***"Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny Fanjakan'ny lanitra."***



Ry kristianina havana, mitohy ny diantsika mamakivaky ny vanim-potoana manokana lehibe hiomanantsika amin'ny fahatongavan'ny Tompo. Amin'izao Alahady faharoa ny Fiaviana izao, no anolorana ho antsika EOV JIABY ny fehin-kevitry ny sinaody ho torolalana ho antsika miatrika ny zava-misy iainantsika izao. Azo lazaina fa tena mifanaraka tsara amin'ireo vakiteny atolotry ny Eglizy izay mampitodika antsika bebe amin'ny modely anankiray dia i Joany Batista. Raha nisy tokoa ny olona niomana sy nampiomana ny fiavian'ny Tompo dia i Joany Batista, izy no mpaminany farany ary tsy misy ny mpaminany lehibe toa azy hoy i Jesoa. Mila Joany Batista maro izao androntsika. Izany ny tanjon'ny sinaody ataontsika izao. Mila vavolombelona hanampy ny olona sy ny rafitra hihavao mba ho afaka hanorina rafitra manampy antsika hifanasoa, hifampitsimbina hikatsaka ny soa iombonana ka handray an-tanana ny fiainantsika...

Mpaminany i Joany Batista. Isika vita Batemy koa dia irahina ho Mpaminany. Ny mpaminany dia tsy iza fa izay mandray ny sitrak'Andriamanitra sy manambara azy mba hiveloman'ny mpiara-belona araka ny sitrak'Andriamanitra. Araka izany dia lavitra ny fomba fiheveran'ny maro ny atao **hoe** Mpaminany. Ho an'ny maro dia izay nahazo "fahasoavana manokana" sy mahafantatra ny ho avy. Tena manalavitra ny hevitry ny atao hoe mpaminany io fisainany io.

***Vakiteny I :*** *Iz. 11, 1-10*
***Salamo :*** *Sal. 71*
***Vakiteny II :*** *Rôm, 15, 4-9*
***Evanjely :*** *Mt. 3, 1-12*

Hita taratra tamin'ny fiainan'i Joany Batista tokoa ny maha-mpaminany azy. Ny tanjon'izao Sinaody faha-7 izao dia ny haha-Misionera antsika EOV Jiaby. Ho Tabernakla velona satria olon-dehibe amin'ny finoana.

Amin'izao Alahady faharoa ny Fiaviana izao dia asain'ny Eglizy isika amin'ny alalan'ireo vakiteny telo mba hifantoka bebe amin’ny fiomanana sy fivelomantsika ny fiavian'ny Tompo mba ho Noely hitondra fiadanana sy fihavaozana ary hahatonga ny finoana velona eo anivontsika. Ny zava-misy eo anivon’ny firenena, eo anivon’ny Eglizy, eo anivon’ny fiaraha-monina rahateo manosika antsika handinika sy hanokatra maso....

Efa voalazantsika matetika fa na samy sarotra aza dia moramora kokoa ny manorina ny Eglizy trano toy izay ny Eglizy olona satria isika tsirairay avy no tsy maintsy ho Eglizy tempolin'Andriamanitra. Araka ny voalazantsika dia io ny fanamby apetratsika amin’izao Sinaody izao araka ny Teny faneva “Eglizy Olo velomin’ny Batemy miombona miara-dalana mandray an-tanana zary Tabernakla velona, Mpivahinin’ny Fanantenana”.

Ny Noely tsy hoe isika tonga ao an-deglizy ka mankalaza ny litorjia ihany fa ny Fontsika mandray ny Tompo no tena zava-dehibe ary indrindra ho vavolombelona tokoa isika, ho Kristianina tahaka ny nataon'i Joany Batista hitantsika ao amin'ny Evanjely *(Mt. 3, 1-12)* ka hiezaka isika sady hankalaza no hiaina bebe kokoa toa azy amin'ny fiainantsika andavanandro.
Araka ny averimberintsika dia tsy afaka hihavao sy hanorina rafitra hahitantsika fivelarana isika raha tsy vonona hibebaka aloha...Aoka àry mba ho vonona isika hibebaka fa efa akaiky ny Tompo araka ny tenin'i Joany Batista: nampahafatariny tsara ny maha zava-dehibe ny fibebahana satria raha tsy mibebaka isika dia very ka hataon'Andriamanitra tahaka ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara ka hokapaina, ary hatsipy any anaty afo. Fantatsika amin’izao ny fomba ahafahantsika ho hazo mamoa voa tsara araka ny namaritantsika azy tamin’ny Sinaody.

Ry Kristianina havana, izao vanim-potoana izao anie no aoka mba hampanokatra ny fontsika, ho finoana mamokatra ho an'ny manodidina antsika. Harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an’ny besinimaro. Harena lehibe ny finoana, harena isika tsirairay avy ka aoka hamokatra tsara isika. Aoka ho Olon-dehibe amin’ny finoana isika.

**Fomba ahoana àry ny hamokarantsika ? Ahoana ny hahalalana fa efa Olon-dehibe amin’ny finoana isika?**

Aoka ho fo vonona hahafoy sy hanompo ny fontsika ka manorina “tetezana” mampitohy ary mandrava “rindrina” mampisaraka. Lavitra ny fihatsaram-belatsihy sy ny lainga ary fitapitaka sy risoriso ka mamboly tontolo feno fitiavana sy fanantenana araka ny fampianarana tamin'ny Alahady voalohany Fiavian'ny Tompo fa indrindra amin'izao andro sarotra diavintsika izao.
Aoka hanapa-kevitra isika fa tsy hanao ampitso lava mba hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandalinam-pinoana fa indrindra amin’ny Avent. Tsara hiverenantsika jiaby ireo fehin-kevitry ny sinaody fijanonana-voalohany, ny sinaody ijanonana faha-2, ny sinaody fijanonana faha-3......
Aoka hibanjina bebe kokoa ny fiainan'i Joany Batista isika amin'ity herinandro vaovao ity.

Azo zaraina telo ny fomba nentiny nampamokatra ny fiainany :

1- Nihafy izy ary naneho tamin'ny tenany manontolo amin'ny fiovam-penitra mahery vaika satria nandray an'i Jesoa,

2- ny teny nataony izay nitarika ny olona,

3- ary indrindra tamin'ny alalan'ny fibebahana satria araka ny lazaintsika ny teny manaitra fa ny atao no mahasarika.

Raha tiantsika hamokatra am-pinoana tokoa ny fiainantsika dia izao fotoana izao no aoka hanararaotantsika fa anio no tena maha Kristianina antsika. Tsy hoe hirehareha isika sanatria izany fa anatin'ny fanetren-tena izay anisan'ny toetra nampiavaka an'i Joany Batista. Na dia nanana fahalalana miteny sy mampita hafatra aza izy amin'ny maha-mampinany azy dia nanao izany rehetra izany tao anatin'ny fanetren-tena.

Masindahy Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (Rom, 15, 4-9) dia manamafy an'izany ka manasa antsika handalina bebe kokoa an'izany sy mananatra antsika hoe : *"Koa mifandraisa ianareo, tahaka ny nandraisan'i Kristy anareo, mba ho voninahitr'Andriamanitra"*.

Manambara izany fa miova tokoa ny fiainantsika raha mahay mifandray isika tahaka ny nandraisan'i Kristy antsika dia izy nanolotra ny tenany ho antsika, izy nanasoa sy nanompo antsika.

Mibebaka tokoa isika raha manompo sy manasoa ary mikarakara ny namana. Manambara fibebahana koa ny filofosantsika hanavao ny fifandraisana ny tontolo iainana. Mandray azy ho sarobidy ka hikarakarantsika azy fa indrindra moa efa anatin'ny fotoana fambolena kakazo isika izao. Mibebaka tokoa isika raha vonona mandray an-tanana na ara-panahy na ara-batana ka mahita tokoa ny toerantsika eo anivon'ny fiaraha-monina. Tanteraka izy raha tahaka an'i Joany Batista Mpaminany nahatarika olona maro ary nanolotra azy ireo amin'i Jesoa...

Anisan'ny fibebahana ny ezaka tsy hanapotika ny tontolo iainana : halavirintsika ny doro tanety, ny motro sy ny tevy ala, hiezaka isika hamboly kakazo araka ny hafatra ataontsika eto amin'ny diosezy dia ny mamboly manga 3 isaky ny olona vita batemy, hanadio ny mandidina ary ampiasa ny plastika am-pahamendrehena mba ho diosezy maitso hitondra fanantenana ny diosezintsika ary hahita sakafo ny taranaka. Fantaro fa izay mandoro tanety dia manono taraka fa izay mamboly kakazo manome aina.

Anisan'ny manambara fibebahana koa ny fandraisana an-tanana ny fiainan'ny diosezintsika amin'ny alalan'ny hasim-pinoana. Araka ny averimberintsika ny tanjona amin'ny hasim-pinoana dia entina amin'ny fiofanana sy fiainan'ny pretra. Fantatsika fa raha tsy misy pretra tsy misy Eokaristia ary tsy misy Eokaristia tsy misy Eglizy....

Ireny rehetra ireny no hanehoantsika fa tena mihavao isika ka mihatsara sy mamelona ny finoantsika fa indrindra amin'izao famaranana ny taon-jobilin'ny fanavotana antsika izao.

Ry Jesoa Kristy Tompo zokinay ô, tonga eto aminay tokoa ianao ary tianao hihavao izahay, natolotrao ho modely ho anay i Joany Batista, enga anie ho tahaka azy tokoa ny fiainanay amin'izay hanorina sy hampiroborobo ny fanjakanao eto anivonay izay fanjakana feno fiadanana sy fifankatiavana ka hahomby amin'ny zavatra ataonay rehetra izahay. Hamokatra tokoa ny fiainanay, hamokatra finoana sy fitiavana ary fanantenana ka hahay hampitraotra ny finoana sy fiainana andavanandro izahay mianakavy eo anivon'ny manodidina anay. Masina Maria Renin'I Jesoa nahay nandray an'I Jesoa ka ampianaro izahay hahay handray azy ka zary Tabernakla Velona tahaka anao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson